




**Rivo  Rakotovao dira ce qu'il voudra mais à chaque fois qu'il y a quelque  chose qui cloche à Madagascar, son nom y est toujours associé...**

***Après une demande d'explications « diplomatiques » de plusieurs bailleurs de fonds, envoyé directement au ministre d'Etat, Rivo Rakotovao, à propos de sa nouvelle Lettre de politique foncière ( ICI ), c'est au tour de la société civile spécialisée dans le domaine foncier de tirer la sonnette d'alarme, quant au grand danger qui pèse sur les paysans et les communautés locales malgaches.***

**COMMUNIQUE DE PRESSE**

Pétition internationale pour sauver les paysans et les communautés locales malgaches des nouvelles menaces qui pèsent sur leurs terres

Près de 22 mois après les élections présidentielles qui ont suivi les cinq années de transition, le gouvernement s'apprête à présenter une lettre de politique foncière et différentes lois à l'Assemblée nationale.

La première modification de la politique foncière à Madagascar par rapport à celle héritée de la colonisation a été la Réforme Foncière de 2005 caractérisée par une décentralisation de la gestion foncière. L'objectif en 2015 était de déterminer la phase 2 de la Réforme Foncière que le gouvernement s'est engagé à « *consolider* » lors du lancement des échanges en mai 2014. Une **Lettre de Politique Foncière** a été approuvée par le Conseil du gouvernement le 26 mai 2015, résultant d'ateliers dans divers chefs-lieux de province, de propositions d'organisations de la société civile, de maires, de différents acteurs et d'un Forum national foncier à Antananarivo. Mais des points relatifs à la gestion foncière par les communes ont soulevé l'opposition et une grève générale des syndicats des techniciens des services fonciers de l'Etat. Sans concertation avec la société civile, le gouvernement publie une Nouvelle Lettre de Politique Foncière que le Conseil des ministres approuve le 5 août 2015.

Par ailleurs, le **Code minier de 2005** fait l'objet d'une révision depuis plus d'un an. Plusieurs structures ont demandé le maintien de la suspension de la délivrance des permis miniers à Madagascar jusqu'à la finalisation du nouveau Code minier. La Conférence des Evêques a interpellé les responsables à propos des méthodes de travail du Comité Conceptuel et s'est prononcé contre la tenue du Salon International sur les Mines et le Pétrole. Le Collectif TANY a dénoncé plusieurs articles de l'avant-projet du code minier révisé qui mettent en danger les droits des paysans et communautés locales sur leurs terres.

Cependant le Salon International s'est tenu du 23 au 25 septembre alors que le remaniement du Code Minier continue. Et la presse publie que des transformations de permis de recherche en permis d'exploitation, des extensions de permis périmés et même la délivrance de centaines de nouveaux permis sont en cours de traitement. Le Code Minier actuel autorise l'attribution d'une surface maximale de 10 000 km2 pour un permis minier, ce qui permettrait à pas moins de 60 compagnies de couvrir l'ensemble du territoire, ne laissant plus aucune place au développement de l'agriculture par exemple.

Les dirigeants semblent vouloir organiser et légaliser les mesures d'expropriation et d'expulsion des paysans et des communautés locales pour les besoins des opérateurs économiques nationaux et étrangers : sans en informer les citoyens, le Conseil des Ministres a adopté le 23 septembre dernier le projet de loi sur le **Partenariat Public Privé (PPP)** dont l'article 37 propose le recours de l'Etat à la notion *de « déclaration d'utilité publique »* pour exproprier les propriétaires des terres et expulser les occupants qui refusent de céder les terres nécessaires à l'exécution du contrat PPP.

Pendant ce temps, grâce au **Code des Investissements de 2008**, les sociétés étrangères ont toujours la possibilité d'acheter des terres à travers un associé ou un prête-nom malgache. Des organisations de la société civile réclament l'annulation de cette disposition depuis plusieurs années.

C'est pourquoi au moment où se prépare la prochaine cession à l'Assemblée Nationale, et à la veille de la réunion des bailleurs de fonds de Madagascar le 7 octobre à Lima au Pérou, la plateforme SIF et le Collectif TANY appellent l'opinion publique malgache et tous les citoyens du monde à signer une pétition **pour demander aux autorités malgaches d'adopter des lois qui sécurisent les droits des paysans et des communautés locales sur leurs terres, excluant toute expropriation et expulsion, et de réviser les projets de loi et les lois en vigueur qui ne s'y conforment pas, selon un processus incluant à toutes les étapes la société civile et l'ensemble des citoyens dans les débats et dans les choix.**

Pour signer les pétitions :

http://terresmalgaches.info/spip.php?article104 (MG)

http://terresmalgaches.info/spip.php?article101 (FR)

http://terresmalgaches.info/spip.php?article102 (EN)

Pour en savoir plus sur les Lettres de Politique Foncière et documents cités, voir l'annexe

http://terresmalgaches.info/spip.php?article103 (annexe)

**6 octobre 2015**

**RANDRIANOMENJANAHARY Haingoarison**

**Président du SIF - Sehatra Iombonana ho an'ny Fananan-tany**

Antananarivo – Madagascar

sif@blueline.mg

www.sif-mada.mg

**RAKOTONDRAINIBE Mamy**

**Présidente du Collectif pour la Défense des Terres Malgaches - TANY**

Paris – France

patrimoine.malgache@gmail.com

http://terresmalgaches.info

**************

FANAMBARANA HO AN'NY GAZETY

**Fangatahana sonia amin'ny fitakiana hanolorana tànana ny tantsaha sy vondron'ny mponina any ifotony sy/na fokonolona malagasy mba hisorohana ireo loza manambana azy mahakasika ny taniny.**

22 volana eo eo taorian'ny fifidianana filoham-pirenena sy solombavam-bahoaka izay namarana ny 5 taonan'ny fanjakàna tetezamita, dia mikasa ny hitondra Taratasin'ny Politikan'ny Fananan-tany sy lalàna samihafa eo amin'ny Antenimieram-pirenena ny governemanta.

Ny fanovàna voalohany nisy teo amin'ny politikan'ny fananantany teto Madagasikara miohotra tamin'izay nolovaina avy tamin'ny fanjanahantany dia ny **Fanavaozana ny fananantany tamin'ny taona 2005** : ny fanapariahana ny fitantanana ny fananantany no zava-dehibe indrindra nanamarika azy sy ny

fanekeny ny zo maha-tompon'ny tany ireo izay mipetraka sy mampiasa ny tany tsy vita titra. Ny zava-kinendry amin'ny taona 2015 dia famaritana ny dingana faharoa amin'izany Fanavaozana ny Fananantany izany izay neken'ny governemanta ny hanamafy azy teo am-panaingana ny fifanakalozana tamin'ny volana Mey 2014. Nisy

**Taratasin'ny Politikan'ny Fananantany**

nankatoavin'ny governemanta tamin'ny 26 may 2015, izay vokatry ny  atrikasa natao tany amin'ny tanàna foiben'ny faritany samihafa, soso-kevitra avy amin'ny fikambanana avy amin'ny fiaraha-monim-pirenena, ny ben'ny tanàna sy ireo mpisehatra hafa ary Atrikasa nasionaly mikasika ny Fananantany tao Antananarivo.

Saingy nisy hevi-baventy mikasika ny fanapariahana ny fitantanana ny fananantany ho any amin'ny kaomina tao izay niteraka ny fanoherana sy fitokonana faobe nataon'ny sendikan'ny mpiasan'ny sampan-draharan'ny fananantany. Koa tsy nandalo ny fiaraha-midinika nandraisan'ny fiaraha-monim-pirenena anjara ny famolavolana azy ny governemanta fa namoaka Taratasin'ny Politikan'ny Fananantany Vaovao izay nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Ministra ny 5 Aogositra 2015.

Ankoatr'izay, dia misy ny fandinihana indray ny ho fanavaozana ny Fehezan-dalàna mifehy ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany, izay nanomboka efa ho herintaona mahery. Misy rafitra maro nangataka ny mbola hanohizana ny fampihantonana ny fanomezana alàlana hitrandraka eto Madagasikara mandra-pahavitan'ny fanamboarana io Fehezan-dalàna mifehy ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany vaovao io. Ny Fivoriamben'ny Eveka dia nanao antso avo tamin'ny mpitondra mikasika ny tsy fetezan'ny fomba fiasan'ny Komity Mpamolavaola izany ary nanohitra ny fiantsoana ny orinasa sy mpamatsy vola tamin'ny Fampirantiana Iraisam-pirenena ny harena ankibon'ny tany sy solika teto Madagasikara. Ny fikambanana miaro ny TANY kosa dia nanatsikafona andalana maro tao amin'ny volavolan'ny fanavaozana ny Fehezan-dalàna mifehy ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany izay manambana loza ny zon'ny tantsaha sy ny vondron'ny mponina any ifotony amin'ny taniny.

Nefa dia notanterahana ilay Fampirantiana iraisam-pirenena ny 23 ka hatramin'ny 25 Septambra na dia mbola mitohy aza ny fanamboarana nyFehezan-dalàna mifehy ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany. Dia misy gazety mamoaka fa an-jatony ny isan'ny fanomezan-dalàna karakaraina amin'izao fotoana izao, ao ny famadihana ireo fanomezan-dalana fikarohana ho fanomezan-dalana fitrandrahana, ny fanavaozana ireo fanomezan-dalana lany andro, eny fa na ny fanomezana alàlana vaovao aza. Ny Fehezan-dalàna mifehy ny fitrandrahana ny harena ankibon'ny tany mihatra amin'izao fotoana

dia manome alalana hanome efa-joro fitrandrahana midadasika hatramin'ny 10 000 kilaometatra tsy mivadimandry ho an'ny orinasa mpitrandraka iray. Ao anatin'io fepetra io dia fanomezan-dalana miisa 60 fotsiny, amin'io velarana io, dia ampy handrakotra ny velaran-tanin'i Madagasikara manontolo, ka tsy hamela toerana intsony hanaovana asa hafa toy ny fambolena.

Hoatry ny tapa-kevitra handahatra sy hanao ho ara-dalàna ny fepetra fanalàna ny zo maha tompony sy fandroahana ny tantsaha sy ny vondron'ny mponina any ifotony sy/na ny fokonolona avy eo amin'ny taniny koa ireo mpitondra fanjakàna: Misy volavolan-dalàna iray mikasika ny Fiaraha-miasan'ny **Fanjakàna sy ny sehatra tsy miankina**, (PPP) izay tsy nanaovana fampahafantarana mihintsy ny olom-pirenena, nefa nankatoavin'ny Filan-kevitry ny ministra ny faha 23 septambra 2015 lasa teo. Ny andalana faha-37 ao amin'io volavolan-dalàna PPP dia mikasa hanome alàlana ny Fanjakana hiroso amin'
*«ny fombafomba « Fanambaràna ny maha-filan'ny fiainam-bahoaka », mba hanalàna ny zo maha-tompony sy handroahana ireo olona mitoetra sy miaina eo amin'ny tany izay mandà ny fanomezana ny tany ilaina ho amin'ny fanatanterahana ny fifanarahana mikasika fiaraha-miasan'ny fanjakàna sy ny sehatra tsy miankina ny tompon'ny tany »*

Eo andanin'izany, ny **Fehezan-dalàna mifehy ny Fampiasam-bola nivoaka tamin'ny taona 2008**, dia mbola manome hirika ny orinasa vahiny ho afaka hividy tany amin'ny alalan'ny fananana mpiombon'antoka malagasy na amin'ny alàlan'ny fampiasana anaran'olom-pirenena malagasy. Misy fikambanan'ny fiaraha-monim-pirenena efa an-taonany maro no mitaky ny fanafoanana io fanomezana ara-dalàna io.

Izany rehetra izany no nahatonga ny Tambazotra SIF sy ny Fikambanana miaro ny TANY, amin'izao fotoana ankatoky ny fivorian'ny Antenimieram-pirenena izao ary iray andro mialohan'ny fivorian'ny rafitra mpamatsy vola an'i Madagasikara ny faha 7 Oktobra any Lima Pérou, **hanentana ny sarambaben'ny Malagasy sy ny vahoaka eran-tany hiara-hanao sonia hangataka amin'ny mpitondra Fanjakana malagasy ny hamoahany lalàna miaro ny zon'ny tantsaha sy ny Fokonolona na ny vondron'olona ifotony eo amin'ny taniny sy mandrara ny fanalana ny zo maha tompony sy ny fandroahana avy eo amin'ny sombin-taniny, ary koa ny hanavaozana ireo volavolan-dalàna sy lalàna manan-kery izay tsy mifandraika amin'izany, araka ny zotra izay mampandray anjara ny fiarahamonim-pirenena sy ny fitambaran'ny olom-pirenena amin'ny adihevitra sy ny safidy amin'ny dingana rehetra.**

**Miangavy anao hanasonia indray mandeha amin'ny teny iray amin'ireto telo ireto, ka tsindriho izay nosafidinao :**

**http://terresmalgaches.info/spip.php?article104 (MG)**

**http://terresmalgaches.info/spip.php?article101 (FR)**

**http://terresmalgaches.info/spip.php?article102 (EN)**

**Pour en savoir plus sur les Lettres de Politique Foncière et documents cités, voir l'annexe**

**http://terresmalgaches.info/spip.php?article103 (annexe)**

**6 octobre 2015**

**RANDRIANOMENJANAHARY Haingoarison**

**Président du SIF - Sehatra Iombonana ho an'ny Fananan-tany**

**Antananarivo – Madagascar**

**sif@blueline.mg**

**www.sif-mada.mg**

**RAKOTONDRAINIBE Mamy**

**Présidente du Collectif pour la Défense des Terres Malgaches - TANY**

**Paris – France**

**patrimoine.malgache@gmail.com**

**http://terresmalgaches.info**